



UNION EUROPEENNE



Au service
des peuples
et des nations

Nitondra fanampiana ho an'ny zotram-pifidianana eto Madagasikara ny Vondrona Eropeana.

**Fifanaovan-tsoniam-piaraha-miasa teo amin'ny Vondrona Eropeana sy ny
Fandaharanasan'ny firenena Mikambana ho an'ny fampandrosoana ao amin'ny
kitapom-bola iombonan'ny tetikasa SACEM.**

Antananarivo, 04 jolay 2018 -Nomarihina tamin'ny fomba ofisialy androany teny amin'ny biraon'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) ny fandraisan'ny Vondrona Eropeana anjara ao anatin'ilay kitapom-bola iombonana ao amin'ny tetikasa ho fanohanana ny zotram-pifidianana eto Madagasikara na Soutien Au Cycle Electoral de Madagascar (SACEM). Izany no natao mba hikarakarana fifidianana madio, azo antoka, demokratika, milamina ary andraisan'ny rehetra anjara eto amin'ny firenena malagasy. Nananteraka izany fifanaovan-tsonia izany Andriamatoa Sánchez-Benedito Gaspar masoivohon'ny Vondrona Eropeana eto Madagasikara sy Ramatoa Violette Kakyomya, solontena maharitry ny Fandaharan'asan'ny firenena mikambana ho an'ny fampandrosoana(UNDP) izay natrehan'ny filohan'ny CENI, Andriamatoa Rakotomanana Hery. Vola mitentina 1.777.251 dolara no fandraisana anjaran'ny Vondrona Eropeana amin'ity tetikasa ity.

Nanambara ny masoivoho ny vondrona Eropeana Antonio Sánchez-Benedito Gaspar fa izao fiaraha-miasa izao dia manamafy ny fanohanana'ny Vondrona Eropeana ny amin'ny fandavorariana fifidianana azo antoka sy andraisan'ny rehetra anjara, ary manaraka ny Lalàmpanorenana. Eo ihany koa ny fanamafisana ny demokrasia eto Madagasikara. Izao fanatevenana ny kitapom-bola ao amin'ny tetikasa SACEM izao dia fandraisana anjara ataon'ny Vondrona Eropeana dia mifameno amin'ireo asa izay vatsian'ny Vondrona Eropeana vola amin'ny fanohanana ny zotram-pifidianana, izay iarohana amin'ireo fiaraha-monim-pirenena”

Tao anatin'izany, nisaotra ny Vondrona Eropeana ny filohan'ny CENI Andriamatoa Hery Rakotomanana noho izao fiaraha-miasa manan-danja amin'ny zotram-pifidianana malagasy izao. Raha fintinina, ity fandraisan'anjaran'ny Vondrona Eropeana ao amin'ny kitampom-bolan'ny SACEM ity dia mamaly ny ohabolana Malagasy "ny tao trano tsy efan'irery".

Nandritra izany, nisaotra ny masoivoho ny Vondrona Eropeana amin'ny mahazava-dehibe ny fandraisan'ity vondrona ity anjara ao anatin'ny tetikasa SACEM Ramatoa Violette Kakyomya: « Ity fanohanana ity dia tsy fiaraha-miasa azo tsapain-tanana fotsiny eo amin'ny PNUD sy ny Vondrona Eropeana fa ihany koa manamarika ny fanohanana'ny fiarahanonina iraisam-pirenena amin'ny fandrindrana ny asa ataony. Ity famatsiam-bola ity dia mamaly indrindra ny filàn'ny SACEM amin'ny fanampiana

amin'ny fifidianana sy ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny CENI mandritra ny zotram-pifidianana mialoha, mandritra ary aorian'ny fifidianana. »

Nankasitraka ny fanapahan-kevitry ny governemanta tamin'ny nandraisany ny fanapahan-kevitra, rehefa nanontany ny tolo-kevitry ny CENI, ny amin'ny hanatanterahana ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany ny 7 novambra sy ny 19 desambra fihodinana faharoa raha misy, amin'ity taona ity RamatoaViolette Kakyomya. Nofaranan'ity farany tamin'ny fiantsoana ny fiarahamonina iraisam-pirenena hanohy hatrany ny fanohanana fifidianana azo antoka, madio, demokratika, milamina ary andraisan'ny rehetra anjara eto amin'ny firenena ny lahateniny. « Mampirisika ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola aho mba hanohy sy hanamafy hatrany ny fandraisana anjara amin'ny famatsiana ny zotram-pifidianana eto Madagasikara, mba hampihena araka izay tratra ny elanelana misy eo amin'ny teti-bola mba hahafahana maminavinany filaminan'ny tohin'ny raharahanam-pifidianana. »

Ny tetikasa SACEM, izay nanomboka tamin'ny january 2017 dia manohana ny fanatanterahana ny asa, ahitana singa fototra dimy :

- Ny fahatomombanan'ny lisi-pifidianana mba hahatonga azy ho azo antoka sy marina;
- Ny fanatsarana ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana;
- Ny fanohizana ny fanentanana sy ny fanabeazana ara-pifidianana mba hahatonga azy hipaka eny amin'ny olom-pirenena;
- Ny fanohanana ara-pitaovana ny raharahanam-pifidianana izay mifantoka indrindra amin'ireo fampitaovana, ny fiofanana, ny fampitana ireo antontan-taratasy, ny fanabeazana sy fanentanana ny olom-pirenena ara-pifidianana, ny fanentanana ireo sehatra ifampidinihina manokana izay nanampiana ny CENI;
- Fanohanana ara-teknika ny CENI sy ny fitantanana ny tetikasa.